# TOMPO Ô! METEZA...

Do = Bb TF : RAKOTO—NIRIANA Tsiry Hariravo

```
| m . f : s . d' :__ . t : s . l |__ . s : l . s :__ . r :__ . | m . f : s . d' :__ . t : s . l |
| d . r : m . s :__ . s : m . f |__ . m : f . r :__ . t, :__ . | d . r : m . s :__ . s : m . f |
| s . s : d' . m' :__ . r' : d' . d' |__ . t : d' . t :__ . s :__ . | s . s : d' . m' :__ . r' : d' . d' |
| d . d : r . m :__ . m : d . f |__ . m : f . s :__ . s :__ . | d . d : r . m :__ . m : d . f |
Ry Tom - po ô - mi - ta dy A - nao - ny fo - ko - ma ni - ry in drin - dra - A nao
Ry Tom - po ô - tsy - mba mia - fi - na A mi - nao - ny ren - dra ren - dra - ko sy
Ry Tom - po ô - a - za a ve - la ho - va ria - na aho - ka ha - na la - vi - tr'i lay

|__ . s : l . t :__ . r' :__ . | d' . t : d' . t :__ . m' :__ . t s | l :____ : l :____ . l |
|__ . m : f . s :__ . s :__ . | l . s : l . s :__ . s :__ . s m | f :____ : f :____ . f |
|__ . t : d' . r' :__ . t :__ . | m' . r' : m' . r' :__ . t :__ . r' t | d' :____ : d' :____ . d' |
|__ . m : f . s :__ . s :__ . | l . s : l . s :__ . m :__ . r d | f :____ : f :____ . f |
Fo - to tr'ai - na - man dra - ko tr'ahy - ny - fa ho - ta - ko - mi
ny ha - da là - ko - I fo - na ko - to - koa i - za - ny - fa
Pa - ra di - sa - te feo - mba tsy ha - na - ma rin - te - na - fa

| l ., l :__ . s l : ta ., l :__ . s l | s ., f :____ :____ :__ . f | f ., s :__ . l : t ., d' :__ . r' |
| m ., m :__ . m m : m ., m :__ . m m | m ., r :____ :____ :__ . r | r ., m :__ . f : s ., l :__ . l |
| di'., di' :__ . di' di' : di' ., di' :__ .di' di' | r' ., l :____ :____ :__ . l | l ., t :__ . d' : r' ., m' :__ . f' |
| l ., l :__ . l l : l ., l :__ . l l | r ., r :____ :____ :__ . f | f ., m :__ . r : s ., s :__ . s |
ta dy ham - bo ly - hai zi - n'a to a - na ty - ka - man ge - ta - he ta A - nao -
na hi - e ry - a za aho - ho hi ta - na o - Je - so me - na - tr'aho ka - ny -
ko sa - mba ha - hay ha - ne try - te na - haha - zoa ko - ma - nai ky - tsy -

| d' ., s :__ . s m : l :__ . d' | d' :_,d' . t d' : m' ., r' :_,l ., t | d' :____ :____ :___ . |
| s ., m :__ . m r : m :__ . m | l :_, l . s l : s ., f :_,f ., s | s :____ :____ :___ . |
| m' ., d' :__ . d' d' : d' :__ . l | f' :_, f' . m' f' : d' ., t :_,d' ., r' | m' :____ :____ :___ . |
| d ., d :__ . m s : l :__ . l | r :_, r . r r : s ., s :_,s ., s | d :____ :____ :___ . |
ny fo - sy fa - nahy - Je - so - me te z'Ia - nao ha - na fa - ka ahy -
ha ny am - ba ra - ko - Je - so - me te z'Ia - nao han - di o - ahy -
miam ba - tram ba - tra - f' Ia - nao - Je so no ha ny Mpa - na pa - ka -
```

---

1– Ry Tompo ô! mitady Anao ny foko
maniry indrindra anao « Fototr'aina »
mandrakotra ahy ny fahotako
mitady hamboly haizina ato anaty
ka mangetaheta Anao ny fo sy fanahy
***Jeso, meteza Ianao hanafaka ahy.***

2– Ry Tompo ô! tsy mba miafina Aminao
ny rendrarendrako sy ny hadàlako
Ifonako tokoa izany
fa na hiery aza aho, ho hitanao
Jeso menatra aho ka ny hany ambarako :
***« Jeso, meteza Ianao handio ahy . »***

3– Ry Tompo ô! aza avela ho variana aho
ka hanalavitr'ilay Paradisa
tefeo mba tsy hanamarin - tena
fa kosa mba hahay hanetry tena
hahazoako manaiky tsy miambatrambatra
fa Ianao Jeso no hany Mpanapaka .